

PERIKOPA ALAHADY 10 Martsa 2024
(Péricope du Dimanche 10 Mars 2024)

II Tantara / II Chroniques 36 : 14 - 23
Efesiana / Ephésiens 2 : 4 - 10
Jaona / Jean 3 : 14 – 21

« Fa fahasoavana no namonjena anareo
amin'ny alalan'ny finoana;
ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra;
tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha. »
*« En effet, c'est par la grâce que vous êtes sauvés,
par le moyen de la foi.
Et cela ne vient pas de vous, c'est le don de Dieu.
Ce n'est pas par les œuvres, afin que personne ne puisse se vanter. »*

Efesiana / Ephésiens 2.8-9

II Tantara 36 : 14 – 23 (MRV)

14 Ary ny lehibe rehetra tamin'ny mpisorona sy ny vahoaka koa dia nanao izay mahadiso indrindra araka ny fahavetavetana rehetra fanaon'ny Jentilisa ka nandoto ny tranon'NY TOMPO tany Jerosalema izay nohamasininy.

15 Kanefa NY TOMPO, Andriamanitry ny razany, nampitondra teny ny iraka izay nirahiny ho any aminy; eny, nifoha vao maraina Izy ka naniraka, fa namindra fo tamin'ny olony sy ny fonenany.

16 Kanjo nihomehy ireny irak'Andriamanitra ireny ny olona sady nanazimba ny teniny sy namazivazy ny mpaminaniny mandra-pihatra ny fahatezeran'NY TOMPO taminy ka tsy nisy fanafany intsony.

17 Koa noentiny namely azy ny mpanjakan'ny Kaldeana, izay namono ny zatovony tamin'ny sabatra tao amin'ny trano fitoerana masina, ary tsy nisy namindrany fo, na zatovo na virijiny, na ny antitra sy ny fotsy volo; fa izy rehetra dia natolony ho eo an-tanany avokoa.

18 Ary ny fanaka rehetra tao amin'ny tranon'Andriamanitra, na ny vaventy na ny madinika, mbamin'ny harena tao amin'ny tranon'NY TOMPO ary ny harena tao amin'ny mpanjaka sy ny mpanapaka; ireny rehetra ireny dia noentiny ho any Babilona avokoa.

19 Nodorany koa ny tranon'Andriamanitra, ary noravany ny mandan'i Jerosalema; nodorany tamin'ny afo koa ny lapan'andriana rehetra tao, ary nosimbany ny fanaka tsara rehetra tao.

20 Ary ny olona sisa tsy matin-tsabatra dia noentiny ho babo tany Babilona ka tonga mpanompo azy sy ny zanany ireny mandra-panjakan'ny mpanjakan'i Persia,

21 hahatanterahana ny tenin'NY TOMPO nampilazaina an'i Jeremia, mandra-panonitry ny tany ny Sabatany; fa tamin'ny andro rehetra izay nahafoanany dia natsahatra ny tany mba hanonitra ny Sabatany mandra-pahatapitra ny fitopolo taona.

Navelan'i Kirosoy haorina indray ny tempoly

22 Tamin'ny taona voalohany nanjakan'i Kirosoy, mpanjakan'i Persia, dia notairin'NY TOMPO ny fanahin'i Kirosoy, mpanjakan'i Persia, mba hanatanteraka ny tenin'NY TOMPO izay nampilazainy an'i Jeremia ka nandefa teny manerana ny fanjakany rehetra izy, sady nataony an-tsoratra koa izany hoe:

23 Izao no lazain'i Kirosoy, mpanjakan'i Persia: Ny fanjakana rehetra eto ambonin'ny tany dia efa nomen'NY TOMPO, Andriamanitry ny lanitra, ahy; ary Izy efa nandidy ahy hanorina trano ho Azy any Jerosalema, izay any Joda. Koa iza avy aminareo rehetra moa no olony? NY TOMPO Andriamaniny anie homba azy, koa aoka hiakatra izy.

II Tantara 36 : 14 – 23 (MBP)

14 Ary ny lehibe rehetra tamin'ny mpisorona sy ny vahoaka koa nanao izay mahadiso indrindra araka ny fahavetavetana rehetra fanaon'ny jentilisa ka nandoto ny tranon'i Jehovah tany Jerosalema izay nohamasininy.

15 Kanefa Jehovah, Andriamanitra ny razany, nampitondra teny ny iraka izay nirahiny ho any aminy; eny, nifoha maraina koa Izy ka naniraka, fa namindra fo tamin'ny olony sy ny fonenany.

16 Kanjo ny olona nihomehy ireny irak'Andriamanitra ireny sady nanazimba ny teniny sy namazivazy ny mpaminaniny mandra-pihatry ny fahatezeran'i Jehovah taminy, ka tsy nisy nahavonjy azy.

17 Koa nentiny namely azy ny mpanjakan'ny Kaldeana, izay namono ny zatovony tamin'ny sabatra tao an-trano fitoerana masina, ary tsy nisy namindrany fo, na zatovo na virijina, na ny antitra sy ny fotsy volo; fa izy rehetra dia natolony ho eo an-tànany avokoa.

18 Ary ny fanaka rehetra tao an-tranon'Andriamanitra, na ny vaventy na ny madinika, mbamin'ny rakitry ny tranon'i Jehovah ary ny rakitry ny mpanjaka sy ny mpanapaka, ireny rehetra ireny dia nentiny ho any Babylona avokoa.

19 Dia nodorany koa ny tranon'Andriamanitra, ary noravany ny mandan'i Jerosalema; ny lapan'andriana rehetra tao koa dia nodorany tamin'ny afo, ary ny fanaka tsara rehetra tao nosimbany.

20 Ary ny olona sisa tsy matin-tsabatra dia nentiny ho babo tany Babylona, ka tonga mpanompo azy sy ny zanany ireny mandra-panjakan'ny mpanjakan'i Persia,

21 hanatanterahana ny tenin'i Jehovah nampilaza.na an'i Jeremia, mandra-panonitry ny tany ny Sabatany; fa tamin'ny andro rehetra izay nahafonany dia natsahatra ny tany mba hanonitra* ny Sabatany mandra-pahatapitry ny fito-polo taona.

22 Ary tamin'ny taona voalohany nanjakan'i Kyrosy, mpanjakan'i Perisa, dia notairin'i Jehovah ny fanahin'i Kyrosy mpanjakan'i Persia. mba hanatanteraka ny tenin'i Jehovah izay nampilazainy an'i Jeremia, ka dia nandefa teny eran'ny fanjakany rehetra izy, sady nataony an-tsoratra koa izany hoe:

23 Izao no lazain'i Kyrosy, mpanjakan'i Persia: Ny fanjakana rehetra ambonin'ny tany dia efa nomen'i Jehovah, Andriamanitra ny lanitra, ahy; ary Izy efa nandidy ahy hanao trano ho Azy any Jerosalema, izay any Joda. Koa iza avy moa aminareo rehetra no olony? Jehovah Andriamaniny anie nomba azy, fa aoka hiakatra izy.

II CHRONIQUES 36 : 14 – 23 (S21)

14 Tous les chefs des prêtres et le peuple multiplièrent eux aussi les infidélités en imitant toutes les pratiques abominables des nations. Ils rendirent impure la maison de l'Eternel, celle qu'il avait consacrée à Jérusalem.

15 L'Eternel, le Dieu de leurs ancêtres, leur envoya très tôt et sans se lasser des messagers, car il voulait épargner son peuple et sa propre demeure,

16 mais ils se moquèrent des messagers de Dieu, méprisèrent ses paroles et rirent de ses prophètes, jusqu'à ce que la colère de l'Eternel contre son peuple devienne sans remède.

17 Alors l'Eternel fit monter contre eux le roi des Babyloniens et il tua leurs jeunes gens par l'épée dans leur sanctuaire. Il n'épargna ni le jeune homme ni la jeune fille, ni l'ancien ni le vieillard: il livra tout entre ses mains.

18 Nebucadnetsar emporta à Babylone tous les ustensiles de la maison de Dieu, grands et petits, les trésors de la maison de l'Eternel et ceux du roi et de ses chefs.

19 Les Babyloniens brûlèrent la maison de Dieu, démolirent les murailles de Jérusalem, livrèrent au feu tous ses palais et détruisirent tous les objets précieux.

20 Nebucadnetsar exila à Babylone ceux qui échappèrent à l'épée et ils lui furent asservis, à lui et à ses fils, jusqu'à ce que le royaume de Perse prenne le pouvoir.

21 Ainsi s'accomplit la parole de l'Eternel prononcée par Jérémie: jusqu'à ce que le pays ait compensé ses sabbats, durant toute la période où il fut dévasté, il se reposa, jusqu'à la fin des 70 ans.

Edit de Cyrus

22 La première année du règne de Cyrus sur la Perse, l'Eternel réveilla l'esprit de Cyrus, roi de Perse, afin que s'accomplisse la parole qu'il avait prononcée par Jérémie, et celui-ci fit faire de vive voix, et même par écrit, la proclamation que voici dans tout son royaume:

23 «Voici ce que dit Cyrus, roi de Perse: L'Eternel, le Dieu du ciel, m'a donné tous les royaumes de la terre et m'a désigné pour lui construire un temple à Jérusalem, en Juda. Qui parmi vous fait partie de son peuple? Que l'Eternel, son Dieu, soit avec lui et qu'il y monte!»

II CHRONIQUES 36 : 14 – 23 (LSG)

14 Tous les chefs des sacrificateurs et le peuple multiplièrent aussi les transgressions, selon toutes les abominations des nations; et ils profanèrent la maison de l'Éternel, qu'il avait sanctifiée à Jérusalem.

15 L'Éternel, le Dieu de leurs pères, donna de bonne heure à ses envoyés la mission de les avertir, car il voulait épargner son peuple et sa propre demeure.

16 Mais ils se moquèrent des envoyés de Dieu, ils méprisèrent ses paroles, et ils se raillèrent de ses prophètes, jusqu'à ce que la colère de l'Éternel contre son peuple devînt sans remède.

17 Alors l'Éternel fit monter contre eux le roi des Chaldéens, et tua par l'épée leurs jeunes gens dans la maison de leur sanctuaire; il n'épargna ni le jeune homme, ni la jeune fille, ni le vieillard, ni l'homme aux cheveux blancs, il livra tout entre ses mains.

18 Nebucadnetsar emporta à Babylone tous les ustensiles de la maison de Dieu, grands et petits, les trésors de la maison de l'Éternel, et les trésors du roi et de ses chefs.

19 Ils brûlèrent la maison de Dieu, ils démolirent les murailles de Jérusalem, ils livrèrent au feu tous ses palais et détruisirent tous les objets précieux.

20 Nebucadnetsar emmena captifs à Babylone ceux qui échappèrent à l'épée; et ils lui furent assujettis, à lui et à ses fils, jusqu'à la domination du royaume de Perse,

21 afin que s'accomplît la parole de l'Éternel prononcée par la bouche de Jérémie; jusqu'à ce que le pays eût joui de ses sabbats, il se reposa tout le temps qu'il fut dévasté, jusqu'à l'accomplissement de soixante-dix ans.

22 La première année de Cyrus, roi de Perse, afin que s'accomplît la parole de l'Éternel prononcée par la bouche de Jérémie, l'Éternel réveilla l'esprit de Cyrus, roi de Perse, qui fit faire de vive voix et par écrit cette publication dans tout son royaume:

23 Ainsi parle Cyrus, roi de Perse: L'Éternel, le Dieu des cieux, m'a donné tous les royaumes de la terre, et il m'a commandé de lui bâtir une maison à Jérusalem en Juda. Qui d'entre vous est de son peuple? Que l'Éternel, son Dieu, soit avec lui, et qu'il monte!

EFESIANA 2 : 4 – 10 (MRV)

4 Andriamanitra anefa manankarena famindrampo, noho ny halehiben'ny fitiavany izay nitiavany antsika, 5 koa fony mbola maty noho ny fahadisoana isika dia novelominy niaraka tamin'i Kristy. Fahasoavana no namonjena anareo.

6 Niara-natsangany isika ary niara-napetrany any an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy

7 mba hasehony amin'ny andro ho avy ny harenan'ny fahasoavany tsy hita lany amin'ny fahamoram-panahiny amintsika ao amin'i Kristy Jesosy.

8 Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny alalan'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra;

9 tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha.

10 Fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara izay nomanin'Andriamanitra rahateo mba handehanantsika amin'izany.

EFESIANA 2 : 4 – 10 (MBP)

4 Fa Andriamanitra, izay manan-karena amin'ny famindramp-po, noho ny halehiben'ny fitiavany izay nitiavany antsika,

5 na dia fony mbola matin'ny fahadisoana aza isika, dia nahavelona antsika niaraka tamin'i Kristy (fahasoavana no namonjena anareo);

6 ary niara-natsangany isika ka niara-napetrany any an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy,

7 mba hasehony amin'ny andro ho avy ny haben'ny haren'ny fahasoavany amin'ny fahamoram-panahiny amintsika ao amin'i Kristy Jesosy.

8 Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra;

9 tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha.

10 Fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo mba handehanantsika eo aminy.

EPHESIENS 2 : 4 – 10 (S21)

4 Mais Dieu est riche en compassion. A cause du grand amour dont il nous a aimés,

5 nous qui étions morts en raison de nos fautes, il nous a rendus à la vie avec Christ – c'est par grâce que vous êtes sauvés –,

6 Il nous a ressuscités et fait asseoir avec lui dans les lieux célestes, en Jésus-Christ.

7 Il a fait cela afin de montrer dans les temps à venir l'infinie richesse de sa grâce par la bonté qu'il a manifestée envers nous en Jésus-Christ.

8 En effet, c'est par la grâce que vous êtes sauvés, par le moyen de la foi. Et cela ne vient pas de vous, c'est le don de Dieu.

9 Ce n'est pas par les œuvres, afin que personne ne puisse se vanter.

10 En réalité, c'est lui qui nous a faits; nous avons été créés en Jésus-Christ pour des œuvres bonnes que Dieu a préparées d'avance afin que nous les pratiquions.

EPHESIENS 2 : 4 – 10 (LSG)

4 Mais Dieu, qui est riche en miséricorde, à cause du grand amour dont il nous a aimés,

5 nous qui étions morts par nos offenses, nous a rendus à la vie avec Christ (c'est par grâce que vous êtes sauvés);

6 il nous a ressuscités ensemble, et nous a fait asseoir ensemble dans les lieux célestes, en Jésus Christ,

7 afin de montrer dans les siècles à venir l'infinie richesse de sa grâce par sa bonté envers nous en Jésus Christ.

8 Car c'est par la grâce que vous êtes sauvés, par le moyen de la foi. Et cela ne vient pas de vous, c'est le don de Dieu.

9 Ce n'est point par les oeuvres, afin que personne ne se glorifie.

10 Car nous sommes son ouvrage, ayant été créés en Jésus Christ pour de bonnes oeuvres, que Dieu a préparées d'avance, afin que nous les pratiquions.

JAONA 3 : 14 – 21 (MRV)

14 Ary tahaka ny nanandratany i Mosesy ny menarana tany an-tany efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak'Olona

15 mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy.

16 Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: Nomeny ny Zanany Lahitokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay.

17 Fa tsy naniraka ny Zanaka ho amin'izao tontolo izao Andriamanitra mba hitsara izao tontolo izao fa mba hamonjy izao tontolo izao.

18 Izay mino Azy dia tsy hotsaraina; fa izay tsy mino kosa dia efa voatsara rahateo satria tsy nino ny anaran'ny Zanakalahitokan'Andriamanitra izy.

19 Ary izao no fitsarana: Tonga eto amin'izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava satria ratsy ny asany.

20 Fa izay rehetra manao ny ratsy dia mankahala ny mazava sady tsy manatona ny mazava, fandrao hita miharihary ny asany.

21 Fa izay manao ny marina kosa dia manatona ny mazava, mba haseho ny asany, satria atao ao amin'Andriamanitra izany

JAONA 3 : 14 – 21 (MBP)

14 Ary tahaka ny nanandratany i Mosesy ny menarana tany an-efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak'olona,

15 mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy.

16 Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.

17 Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin'izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjy izao tontolo izao.

18 Izay mino Azy dia tsy helohina; fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran'ny Zanaka-lahy Tokan'Andriamanitra izy.

19 Ary izao no fanamelohana, fa tonga amin'izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany.

20 Fa izay rehetra manao ratsy dia mankahala ny mazava sady tsy manatona ny mazava, fandrao hita miharihary ny asany.

21 Fa izay manao ny marina kosa dia manatona ny mazava, mba haseho ny asany, fa atao amin'Andriamanitra izany.

JEAN 3 : 14 – 21 (S21)

14 Et tout comme Moïse a élevé le serpent dans le désert, il faut aussi que le Fils de l'homme soit élevé

15 afin que quiconque croit en lui [ne périsse pas mais qu'il] ait la vie éternelle.

16 En effet, Dieu a tant aimé le monde qu'il a donné son Fils unique afin que quiconque croit en lui ne périsse pas mais ait la vie éternelle.

17 Dieu, en effet, n'a pas envoyé son Fils dans le monde pour juger le monde, mais pour que le monde soit sauvé par lui.

18 Celui qui croit en lui n'est pas jugé, mais celui qui ne croit pas est déjà jugé parce qu'il n'a pas cru au nom du Fils unique de Dieu.

19 Et voici quel est ce jugement: la lumière est venue dans le monde et les hommes ont préféré les ténèbres à la lumière parce que leur manière d'agir était mauvaise.

20 En effet, toute personne qui fait le mal déteste la lumière, et elle ne vient pas à la lumière pour éviter que ses actes soient dévoilés.

21 Mais celui qui agit conformément à la vérité vient à la lumière afin qu'il soit évident que ce qu'il a fait, il l'a fait en Dieu.»

JEAN 3 : 14 – 21 (LSG)

14 Et comme Moïse éleva le serpent dans le désert, il faut de même que le Fils de l'homme soit élevé,

15 afin que quiconque croit en lui ait la vie éternelle.

16 Car Dieu a tant aimé le monde qu'il a donné son Fils unique, afin que quiconque croit en lui ne périsse point, mais qu'il ait la vie éternelle.

17 Dieu, en effet, n'a pas envoyé son Fils dans le monde pour qu'il juge le monde, mais pour que le monde soit sauvé par lui.

18 Celui qui croit en lui n'est point jugé; mais celui qui ne croit pas est déjà jugé, parce qu'il n'a pas cru au nom du Fils unique de Dieu.

19 Et ce jugement c'est que, la lumière étant venue dans le monde, les hommes ont préféré les ténèbres à la lumière, parce que leurs oeuvres étaient mauvaises.

20 Car quiconque fait le mal hait la lumière, et ne vient point à la lumière, de peur que ses oeuvres ne soient dévoilées;

21 mais celui qui agit selon la vérité vient à la lumière, afin que ses oeuvres soient manifestées, parce qu'elles sont faites en Dieu.